TATITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAHALALAHAN'NY FIVAVAHANA HO AN'NY TAONA 2016 MADAGASIKARA

Famintinana ankapobeny

Ambaran'ny Laläm-panorenana fa malalaka ny hevitra sy fanehoan-kevitra ara-pivavahana ary voarara kosa ny fanavakavahana ao amin'ny toeram-piasana nohon'ny fivavahana. Misy koa lalàna hafa miaro ny fahalalahana ara-pivavahan'ny isam-batan'olona manoloana ny fanararaotana ataon'ny fanjakana na ny tsy miankina. Hita araka ny fikarohana nataon'ny fikambanana tsy miankina iray sy ny Biraon'ny Kaomiseran'ny Firenena Mikambana ho an'ny Mpitsoa-ponenana fa maro ireo Silamo teraka teto amin'ny Nosy no tsy nahazo antontan-taratasy ofisialy noho ny lalàna mikasika ny fizakana ny zom-pirenena izay mametra tsy hahafahan'ny vehivavy mamindra ny zom-pireneny mankamin'ny zanany raha toa tsy mizaka ny zom-pirenena ny rainy. Nisy ireo imam Pakistaney niisa 10 noroahin'ny Ministeran'ny Atitany satria nihoatra ny fe-potoana nahafahany nijanona teto amin'ny nosy. Nitantana mosquée sy sekoly fampianarana Coran moa ireto farany, nefa tsy nahazoany nanao izany ny visa ho an'ny mpizaha tany nananany.

Na ireo vondrona Jiosy vitsy an'isa sady vao niova fò, na ireo avy amin'ny vondrona Silamo dia samy nilaza fa tsy voaray tany amin'ny sekoly tsy miankina izy ireo noho ny finoana arahiny. Nilaza koa ny sasany tamin'ireo Jiosy fa nanjary nitarika olona sasany hanao fanamarihana tsy dia tsara ny fitafin'izy ireo, izay ahitana saron-doha miavaka ho an'ny vehivavy.

Nifampiresaka tsy tapaka tamin'ny fanjakana ny tompon'andraikitra tao amin'ny Masoivoho Amerikana momba ny olana mikasika ny fahalalahana ara-pivavahana, anisan'izany ny voka-dratsin'ilay fehezan-dalàna mikasika ny fizakana ny zom-pirenena eo amin'ny Silamo maro izay efa manana fifamatorana lalina amin'ny firenena. Nikarakara dinidinika an-databatra boriboryny Masoivoho nanasany solontena avy amin'ny antokom-pinoana sy ny Ministeran'ny Atitany hifanakalo mikasika ny fahalalahana ara-pivavahana eto amin'ny firenena.

Fizarana I. Fitsinjarana ny mponina araka ny finoana arahiny

Vinavinain'ny Governemanta Amerikana fa mahatratra 24,4 tapitrisa ny tontalin'ny isan'ny mponina (tombana tamin'ny volana Jolay 2016), ka araka ny fanisam-bahoaka farany tamin'ny taona 1993 dia ny 52 isan-jatony dia manaraka ny finoana nentim-paharazana, ny 41 isan-jatony dia Kristiana ary Silamo kosa ny 7 isan-jatony. Na dia tsy

misy tarehimarika hentitra aza dia tombanan’ny mpitarika Silamo sy ny avara-pianarana eo an-toerana ho manodidina ny 20 hatramin’ny 25 isan-jaton’ny mponina ny isan’ny Silamo, na dia nambarany aza fa maro ireo mampifamadibadika ny finoana arahiny, na mampifangaro ny fombafombam-pivavahana. Any amin’ny morontsiraka avaratra andrefan’ny nosy no tena ivondronan’ireo fiaraha-monina Silamo; ary ao afovoan-tany kosa no tena maro an’isa ny mpino Kristiana. Nanambara ireo mpitarika ny finoana Silamo sy ireo avara-pianarana fa Sunnite no ankamaroan’ireo Silamo. Ny taranaky ny Karana sy Pakistaney ary ny Komoriana no maro an’isa indrindra amin’ireo Silamo, na dia tsy mitsahatra mitombo isa aza ireo teratany Malagasy mivadika ho Silamo.

Araka ny tatitry ny antokom-pinoana samihafa eo an-toerana dia saika ny antsasaky ny mponina no Kristiana. Ireto avy ireo antokom-pinoana Kristiana efatra tena misongadina: Katolika Romana, Loterana, Anglikana, ary ny FJKM. Misy koa ny vondrona madinika kokoa toy ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olo-masin’ny Andro Farany (Mormon), ny Vavolombelon’i Jehovah, ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro Fahafito, ary antokom-pinoana evanjelika niforona teto an-toerana.

Araka ny filazan’ireo vondrona Kristiana dia mandala ny fanompoana nentim-paharazana avokoa ny ankamaroan’ireo antokom-pinoana tsy Kristiana rehetra. Ankoatr’izay dia maro ireo sady mandala ny finoana nentim-paharazana no manaraka ny finoana Kristiana na Silamo.

Misy ihany koa Hindous sy Jiosy vitsy an’isa, izay miparitaka manerana ny nosy. Nilaza ireo ao amin’ny fiaraha-monina Jiosy fa niisa 150 eo ho eo izy ireo hatrany amin’ny volana Septambra.

Fizarana II. Momba ny fanajan’ny fanjakana ny fahalalahana ara-pivavahana

Rafitra ara-dalàna

Voalazan’ny Lalàmpanorenana fa malalaka ny hevitra sy fanehoan-kevitra ara-pivavahana ary voarara kosa ny fanavakavahana ao amin’ny toeram-piasana nohon’ny antony fivavavahana. Misy koa lalàna hafa miaro ny fahalalahana ara-pivavahan’ny isam-batan’olona manoloana ny fanararaotana ataon’ny fanjakana na ny tsy miankina.

Voalazan’ny Lalàmpanorenana koa fa izany zò izany dia voafetra raha ilaina ho fiarovana ny zon’ny hafa na hiarovana ny filaminam-bahoaka, fiandrianam-pirenena na ny fiarovana ny firenena. Voararan’ny fehezan-dalàna mikasika ny asa ny fanavakavahana nohon’ny fivavahana any anivon’ny sendika sy ny fikambanana arak’asa. Tsy misy fanabeazam-pinoana any amin’ny sekolim- panjakana, ary tsy lalàna mandrara na

mametra ny fanabeazam-pinoana na any amin’ny sekolim-panjakana na any amin’ny sekoly tsy miankina.

Takian’ny lalàna hisoratra anarana any amin’ny Ministeran’ny Atitany ny antokom-pivavahana. Raha nafeno izany fisoratana anarana izany ny ny antokom-pinoana iray dia afaka mandray fanomezana mivantana sy fnampiana samihafa. Raha voasoratra anarana ara-panjakana ny fikambanana iray dia afaka mangataka ny tsy hando hetra isaky ny mahazo fanomezana avy any ivelany. Azon’ny antokom-pinoana voasoratra anarana ara-panjakana atao ihany koa ny mividy na mandray tany avy amin’ny olon-tsotra mba hananganana toeram-pivavahana; voalazan’ny lalàna anefa fa tsy maintsy averin’ny tompon’ny tany amin’ny fanjakana aloha ny tany ary avy eo ny fanjakana no mamindra izany amin’ilay antokom-pivavahana. Ny vondrona mahazo misoratra anarana dia izay ahitana mpikambana miisa 100 farafahakeliny, ahitana filan-kevi-pitantanana misy mpikambana voafidy miisa 9 farafahakeliny, izay samy mizaka ny zom-pirenena Malagasy.

Izay fikambanana tsy mahafeno ireo fepetra ireo dia afaka misoratra anarana ho “fikambanana tsotra”. Ny fikambanana tsotra dia tsy manan-jo mandray fanomezana na manao fotoam-pivavahana, fa feran’ny lalàna hanao asa sosialy isan-karazany fotsiny ihany. Izay vondrona toa izany ka manao zavatra mihoatra ny azony atao dia azo enjehina araka ny lalàna. Tsy maintsy mangataka làlana tsy handoa hetra ny antokom-pivavahana isaky ny mandray fanampiana avy any ivelany. Raha ahitana teratany vahiny ny mpitarika na mpikambana ao filan-kevi-pitantanana ny vondrona iray, dia azon’izy ireo atao ny manangana "fikambanana lazain’ny lalàna ho vahiny." Izay fikambanana ahitana tera-tany vahiny ho mpitarika na mpikambana amin’ny filan-kevi-pitantanana ihany no lazaina ho vahiny. Tsy voararan’ny lalàna ny fisian’ny mpikambana tera-tany vahiny ao anatin’ny fikambanana tera-tany. Ny fikambanana vahiny toa izany dia tsy mahazo afa-tsy fahazoan-dàlana vonjimaika, izay tsy maintsy havaozina matetika ary misy ihany koa ny fepetra hafa.

Mitaky fahazoan-dàlana ny fitondrana ho an’ny hetsika an-kalamanjana rehetra, anisan’izany ny hetsika ara-pivavahana toy ny fanompoam-pvavahana an-kalamanjana.

Nanao sonia ny Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zò sivily sy ny zò ara-politika i Madagasikara.

Fomba fanaon’ny fitondrana

Nanambara ny mpitarika Silamo fa noho ny tantara nampiavaka ny fomba nihavian’izy ireo sy ny fanambadiany teratany tao anatin’ny taona maro dia mbola nisy fiantraikany

ratsy tamin'ny Silamo ny fehezan-dalàna mikasika ny fizakana ny zom-pirenena Malagasy, izay tsy nanome zom-pirenena Malagasy raha toa ka Malagasy ny reny nefa vahiny ny ray niteraka. Na dia tsy nisy antontan'isa ofisialy aza mikasika ireo tsy manana zom-pirenena, dia hita araka ny fanadihadiana nataon'ny fikambanana tsy miankina *Focus Development* sy ny Biraon'ny Kaomiseran'ny Firenena Mikambana ho an'ny Mpitsoa-ponenana, izay naka ny hevitry ny sasany tamin'ireo Silamo monina eto teo anelannelan'ny volana Oktobra 2013 sy Janoary 2014, fa manodidina ny 6 isan-jaton'ny mpikambana ao amin'io fiaraha-monina io no tsy manana zom-pirenena. Maherin'ny 85 isan-jaton'ireo olona ireo no teraka teto amin'ny nosy.

Niisa fito ny isan'ny antokom-pivavahana vaovao nisoratra anarana tao amin'ny Ministeran'ny Atitany hatrany amin'ny tapaky ny volana Oktobra, ka tafakatra 283 eo izany ny fitambaran'isan'ny antokom-pivavahana voasoratra ara-panjakana. Nitatitra ny vondrona ara-pinoana fa misy fotoana tsy nampiharan'ny fanjakana ny fepetra momba ny fisoratana anarana, ary amin'ny ankapobeny dia tsy misy fangatahana fisoratana anarana nolavina.

Nisy antokom-pinoana sasany tsy afaka niaina ny finoana ijoroany noho ny fanapahan-kevitra noraisin'ny manam-pahefana ifotony. Nilaza ihany koa ny mpitarika ara-pivavahana fa vokatry ny tsy fampiharana araka ny tokony ho izy ny lalàna momba ny asa dia misy ny mpampiasa manery ny mpiasany hiasa mandritra ny ora fanatontosana fanompoam-pivavahana. Nanambara ny pretra katolika iray tao Antananarivo, izay nitantana ivon-toerana manome fiahina sosialy ho an'ny mpiasan'ny orinasa, fa misy ireo mpampiasa tsy manaja ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny asa mitaky ny fiatoana amin'ny asa mandritra ny 24 ora isan-kerinandro ka nanjary tsy afaka nandeha niangona ny mpiasa sasany.

Tsy mbola naverin'ny fitondrana na nonerany vola ny fitaovan'ny Radio Fahazavana, fananan'ny FJKM, izay nogiazan'ny fitondrana teo aloha noho io onjam-peo io nisy ifandraisany tamin'ny Filoha voaongana Marc Ravalomanana.

Nilaza ny mpitarika ny Fikambanana Silamo Malagasy, izay milaza ho misolo tena ny Silamo rehetra eto Madagasikara, fa mbola misy ihany ny Silamo milaza fa sahirana maka antontan-taratasy ara-panjakana toy ny kara-panondro sy pasipaoro noho ny anaran'izy ireo, izay toa Arabo no fahenoana azy. Nisy Silamo hafa ihany koa nilaza fa niharan'ny fanilikilihana noho ny finoana rehefa nangataka horaisina ho mpiasam-panjakana. Izay mangataka horaisina ho mpiasam-panjakana ohatra dia tsy maintsy manome taratasy avy amin'ny fitsarana mikasika ny heloka efa niampangana azy raha misy, saingy sarotra ho an'ny Silamo sasany no nahazo izany avy amin'ny fanjakana.

Ny 19 Septambra, dia notaterin'ny gazety mpiseho isan'andro fa misy imam vahiny miisa 10 tany atsimo Atsinanana noroahin'ny Ministeran'ny Atitany hody. Araka ny voalazan'ny mpanao gazety, izy ireo dia teratany Pakistaney nitantana mosquée tany Vohipeno sy sekoly fampianarana Coran tany Manakara. Nohamafisin'ny Ministeran'ny Atitany fa voaroaka tokoa izy ireo, ary nomarihiny fa fahazoan-dàlana hizaha tany mandritra ny 15 andro no nidiran'izy ireo teto Madagasikara, avy eo vao novaina ho fahazoan-dàlana maharitra telo volana tany amin'ny biraon'ny polisy tany amin'ny faritra. Nomarihin'izy ireo ihany koa fa tsy azon'ny olona nomena fahazoan-dalana hizaha tany atao ny miasa na manao raharaha mifandraika amin'ny asa. Nohamafisin'ny Praiminisitra Olivier Mahafaly indray tany amin'ny volana Novambra fa ny tsy maha-ara-dalàna ny fijanonany teto amin'ny firenena no nandroahana ireto imam ireto. Nanampy moa ny gazety iray fa nanokatra fanadihadiana mikasika azy ireo ny Ministeran'ny Atitany rehefa niteraka ahiahy teo amin'ny manam-pahefana tany an-tanàna ny namonoana omby miisa 200 tany Manakara sy Vohipeno ho fankalazana ny Eid al-Adha ny 11-12 Septambra. Marina fa efa mahazatra ny famonoana omby ho an'ny finoana sasany toy ny Silamo na rehefa misy taranak'andriana niamboho, saingy mahalana dia mahalana kosa raha olona iray no miantoka omby 200 indray miaraka, hany ka nipoitra ny ahiahy sao misy vahiny ao ambadik'izany fankalazana izany.

Mbola nomen'ny Televiziona Nasionaly Malagasy (TVM) - izay an'ny fanjakana – fotoana tsy andoavam-bola isaky ny Alahady ihany ny Fiangonana Advantista mitandrina ny andro fahafito sy ny Katolika Romana, Loterana, Anglikana ary Presbyteriana isaky ny faran'ny herinandro, ary nanana fotoana in-dray mandeha isan-kerinandro kosa ny vondrona Silamo. Azon'ireto farany natao koa ny nividy ampaham-potoana hanaovana fandaharana amboniny nandritra ny Ramadan.

Efa-taona misesy izao no nambaran'ny fitondrana fa andro tsy fiasana fa andraisan-karama ho an'ny Silamo ny Eid al-Adha. Nitatitra ny mpitarika ara-pivavahana Silamo fa tsy tsy nahitam-bokany ny ady nataon'izy ireo mba ho andro tsy fiasana nefa andraisan-karama ho an'ny rehetra io andro io, fa tsy ho an'ny Silamo irery, mba hampitoviana amin'ireo andro fety hafa manaraka ny finoana Kristiana.

Fizarana III. Momba ny fanajana ny fahalalahana ara-pivavahana eo anivon'ny fiaraha-monina

Ny volana May, rehefa nampiana-tena nandritra ny dimy taona momba ny finoana Jiosy ny mpino niisa 121, izay nanaraka ny finoana Kristiana Mesianika teo aloha, dia niova fò ho mpanaraka ny finoana Ortodoksa nandritra ny lanonana izay nitarihin'ny Raby tonga

avy tany Etazonia sy Canada. Naharitra 10 andro teo izany hetsika izany, ary nifarana tamin’ny fanambadiana miara-mizotra niisa 12.

Nilaza ireto vao niova fò ireto fa nojerijeren’ny olona sy nahazo fanamarihana tsy mendrika noho ny fitafy tsy mahazatra fanaony, ary nisy ny voailikilika rehefa fantatry ny sasany fa manaraka ny finoana Jiosy. Misy koa sekoly tsy miankina sasany tsy mety mandray ny zanak’izy ireo rehefa fantany fa Jiosy ny finoana arahiny. Nisy tranga koa nahitana tompon-trano nanafoana ny fifanarahana fampanofana ny tranony tamin’ny Jiosy vao niova fò iray rehefa fantany fa saika hatao sekolim-pinoana ilay trano.

Nilaza koa ny Silamo sasany fa tsy noraisin’ny sekoly katolika ny zanak’izy ireo satria tsy afaka nanome taratasy fanamarinana ny nanaovana batemy.

Fizarana IV. Politikan’ny Fitondrana Amerikana

Nifandray tsy tapaka tamin’ny fitondrana ny tompon’andraikitra ato amin’ny Masoivoho Amerikana momba ny olana mahakasika ny fahalalahana ara-pivavahana. Noresahin’ireo tompon’andraikitra ao amin’ny Masoivoho tamin’ny Praiminisitra, ny Ministeran’ny Raharaham-bahiny, manam-pahefana ifotony, diplomaty hafa eto amin’ny nosy ary ny solotenan’ny Firenena Mikambana misahana ny zon’olombelona ilay fehezan-dalàna mikasika ny fizakana ny zom-pirenena.

Ny volana Septambra dia nasain’ny Masoivoho ny solotenan’ny antokom-pinoana maro samihafa sy ny Ministeran’ny Atitany mba hifanakalo hevitra momba ny fahalalahana ara-pivavahana. Tao anatin’ny firahalahiana no nifampiresahana, ka nalalaka ny fanaovan’ny rehetra fanamarihana momba ny endri-pifandraisana misy eo amin’ireo antokom-pinoana samihafa eto amin’ny nosy. Ny solontenan’ny Ministeran’ny Atitany kosa namaly ireo fanontaniana mifandraika amin’ny rafitra araka ny lalàna.